NAHITA NY HELO VILLALOBOS,

MPAMONO OLONA, PORTORIKANA IRAY

Tamin' ny 1948, dia nirehitra ny tranomaizina portorikana tao San Juan, ka afa-nilefa ny fito tamin' ireo gadralava ratsy indrindra. Teo amin' ireo dia nisy lehilahy iray nahay nitifitra tamin' ny tànany roa indray miaraka. Hainy natao ny manintsana ny volon' ny vorona eny am-panidinana amin' ny tifitra, ary dia mpamono olona mahery vaika loatra, izay tsy mbola nahafantatra na oviana na oviana izay momba ny Baiboly na ny Filazantsara.

Fantatry ny pôlisy fa tsy ho hain' izy ireo atao velively ny hisambotra azy io velona, ka dia nomeny ny baiko hoe : 'Tifiro izy raha vao hita !" Nandritra ny herinandro maromaro dia nitohy nihaza ireo gadra nandositra fito ny pôlisy. Efa maty voatifiny ny dimy taminy, fa ny roa kosa dia mbola any ho any mandroba sy mamono olona.

Nisy antokon' Amerikana tanora vitsivitsy nanao fivoriam-pifohazam- panahy tao amin' ny tanàna kely iray any Porto Rico, antsoina hoe Fajardo. Nisy ny trano vaky, nisy lehilahy iray nitsitra maty teo amoron-dàlana, ary ny tranon' ireo mpitoriteny, izay nisy anankiroa tamin'ireo tanora, dia efa voakendry horobaina. Fantatr' ireo tanora amerikana fa teo amin'ity manodidina azy, ireo mpamono olona. Notohizanay ny fanaovana fivoriana teo amin' ny kianja malalaka iray teo anoloan' ity trano fiangonana lehibe, ka fiarakodia lehibe iray vaky "pneu", izay fitaterana fary, no nampiasainay natao lapihazo nitorianay teny.

Mialoha ny fivoriana isan' alina, dia nivarotra Baiboly avy teo amin' ilay lapihazo izahay, satria tsy nisy toeran-kafa hahazoan' ireto olona Baiboly hovakiany ho an' ny tenany. Indray alina dia nahatsikaritra fiara mazava jiro be nirimorimo niaka-nidina ilay arabe izahay, tokony ho eo anelanelan' antokon- trano maromaro. Fantatray fa ireo fiarakodia ireo dia tsy an' ilay tanàna kely, ka dia azonay an-tsaina fa ao an-tanàna ireo gadra nandositra. Ny iray tamin' ireo fiara dia nijanona teo amoron' arabe, ary indro nisy lehilahy iray tamy nanatona an-tongotra nankeo amin' ilay lapihazo ka nividy Baiboly iray. Tsy nijanona velively hanatrika ilay fivoriana izy, fa niverina teny amin' ilay làlana.

Roa herinandro tao aorian' izay dia izao no tantara nivoaka tamin'ny sora-baventy tamin' ny gazetin' i San Juan : "VILLALOBOS, ILAY MPAMONO OLONA NILEFA DIA NITOLO-BATANA TAMIN' NY POLISY !" Tsy mbola mba nanana fitarihana ara-pivavahana mihitsy teo amin' ny fiainany izy. Efa mpamono olona hatramin' izy vao tovolahy kely. Nidaboka mba hatory izy tamin' ny toerana anankiray, dia nentin' ny anjely ho any an-danitra. Afa-nahatazana ilay tanàna tsara tarehy izy, avy teo am-bavahady ka nahita ireo vahoaka sambatra sy ny fiadanam-be izay nanjaka tany. Dia nanontany azy ilay anjely : 'Tianao ve ny ho aty ?" "Eh, ENY", hoy ny navalin' i Villalobos. 'Tsara, andeha isika ho any amin' ny toeran-kafa indray", hoy ilay anjely, dia nentiny nidina ho any amin' ny vavahadin' ny HELO izy. Henony ny antsoantso manatahotra sy fanozonana sy fitomaniana ary hitany ny fijalian' ireo olona nangirifiry tao anaty afo sy solifara. Dia nanontany an' i Villalobos ilay anjely raha iriny ny ho any. "Ah, TSIA" hoy ny fiantsony ! - "RAHA IZANY DIA TOKONY HITOLO-TENA AMIN' NY POLISY IANAO", hoy ny anjely, dia taitra izy.

Fantany fa ny baikon' ny pôlisy dia ny hoe 'TIFIRO RAHA VAO HITA"... noho izany dia niangavy zazalahikely 12 taona izy : "Afaka manatitra ahy any amin' ny tobin' ny pôlisin' i San Juan ve ianao ?" Dia nandeha an-tongotra ho any amin' ny tobin' ny pôlisy izy, niaraka tamin' ny Baiboly teny an-tànany an' ila ary ilay zazalahikely teny andaniny. Raha nandroso nanatona ny toby izy ireo, ny Lehiben' ny pôlisy kosa dia nipetraka teo ambony biraony. Nangorohoro izy ka indray natsangany ny tànany roa, ary hoy izy : "Inona no tadiavinao ? Inona no tadiavinao ?" Dia nambaran' i Villalobos taminy ny NAHITANY NY HELO, sy ny nilazan' ny anjely fa tokony hitolo-batana amin' ny pôlisy izy raha tsy tiany ny ho any amin' ny helo mandrakizay..." ary tsy te-ho any amin' ny HELO AHO NA HOMENA HOATRINONA AZA !"

Noho izany, dia tsy nisy azo natao afa-tsy ny nanidy azy am-ponja. Nefa akory izato olom-baovao... tsy nisy resaka nataony afa-tsy fananarana ireo mpamono olona, mba hialàn' izy ireo tamin' ny làlan-dratsiny, ary hanoa ny Baiboly ka handeha ho any an-danitra. Tsy nisy resaka nataony afa-tsy ny amin' ny hatsiravin' ny helo sy ny tena maha-misy marina ny lanitra... ka sarobidy mihoatra ny zavatra rehetra ny handeha ho any an-danitra. Rehefa afaka roa herinandro dia niteny ilay lehiben'ny pôlisv : 'Tsy toerana mendrika an' i Villalobos ity", dia nomen' izy ireo famotsoran-keloka feno sy madio izy ary navelany handeha malalaka. Dia nanomboka nivarotra Baiboly sy nitoriteny hatraiza hatraiza izy. Indray taona dia nahalafo Baiboly be lavitra noho ny hafa, ho an' ny Fikambanana Mpampiely Baiboly Amerikana izy. Araka ny henonay farany, dia mbola mitohy mitory ny fïlazantsara izy.